

FANOMBANANA HAINGANA NY FAHASALAMANA SY ZO ARA-PANANAHAN'NY ZATOVO TANY ANJOZOROBE MADAGASIKARA

JANUARY 2022



FISY FAMPAHAFANTARANA

Mirakitra ny fintin'ireo hita nandritra ny fanombanana haingana ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo natao tany Anjozorobe ity fisy fampahafantarana ity. Fanadihadiana izay natao tamina firenena valo¹ ny Novambra 2019 hatramin'ny Desambra 2020. Mikendry ny hanamafy ireo ainga sy ezaka ataon'ny tanora amin'ny fampiroboroboana ny fahasalamana sy zo ara-pananahana amin'ny alalan'ny fitantanana ifotony mandala ny miralenta sy ireo tanora ity fikarohana ity. Kaominina ivontoerana mendrika folo no nanaovan'ny Gender Links Madagascar izany.² Tany Anjozorobe, toeram-pitsaboana iray no voakasiky ny fanadihadiana; 219 ireo namaly: 53% tovovavy ary 47% tovolahy (jereo ny tabilao etsy ambany). Tokony hovakiana miaraka amin'ny bobikelin'i Madagasikara mikasika ny fanombanana haingana ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo sy ny tatitra feno momba ny fandalinana natao tany amin'ireo firenena valo ity fisy fampahafantarana ity. Toy izao ireo zava-dehibe hita, vokatra azo nandritra ny fanadihadiana:

Ny amin'ny fahafahana misitraka

- Mihoatra ny telo ampaha-efatry ireo tanora namaly (77%) Sno nitatitra fa manana tobim-pahasalamana anatin'ny 10 km miala ny tranony.
- Tamin'ireo kaominina folo nanaovana fanadihadiana teto Madagasikara, Anjozorobe ihany no nahitana taha ambany, 41%-n'ny tanora no nilaza fa misokatra ny tobim-pahasalamana aorian'ny ora fianarana raha 46% nitatitra fa misokatra izany rehefa farany herinandro.
- Ny ankamaroany (85%), no nilaza fa ahazoana aina tsara ny toerana fiandrasana sy fizahana marary ao amin'ny tobim-pahasalamana.
- Mihoatra ny ampahaefatra amin'ireo tanora nohadihadiana (29%) no nanamafy fa andovambola amin'ny sarany \$1 ireo tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana.

Kalitaon'ny fikarakarana

- Saika ireo tanora rehetra namaly no nanatitantitra fa voahaja tanteraka (98%) ary koa nilaza fa miantoka ny fisian'ny tsambaratelo ireo mpiasan'ny fahasalamana (91%).
- Ampahany ambony (85%) -n'ireo nohadihadiana no nanamafy fa sady nifanena tamin'ireo mpanolontsaina olon-tsahala no nahazo fotoam-pizahana ampy tsara tamin'ireo mpiasan'ny fahasalamana.
- 84%-n'ireo tanora no nahazo ireo fampahalalana mifanaraka tamin'ny filàny, raha 81% tamin'izy ireo nitatitra fa nahazo ireo tolotra tsy nila fanatrehana olon-dehibe.

- Mihoatra ny telo ampahaefatry ny nohadihadiana (76%) no nanamafy fa voazaha manokana.

Tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana

- 17% fotsiny, zara raha misy ireo tanora nitaky ireo tolotra fanabeazana aizana. Ny ankamaroan'izy ireo (90%) dia nahazo izany. Na izany aza anefa, mbola mila ezaka hatrany hahafeno 100% ny famaliana ny fangatahan'ireo tanora satria tena ilaina amin'ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo ny fisitrahana ireo tolotra momba ny fanabeazana aizana.
- Ambany ihany koa (15%) ny tahan'ireo tovovavy tany Anjozorobe nangataka fitiliana fitondrana vohoka, ka efa manakaiky ny telo ampahaefatra tamin'izy ireo (73%) no nahazo izany. Efatra isan-jaton'ireo vehivavy no bevohoka nandritry ny fanatanterahana ny fanadihadiana: taha ambony izay mety ho vokatry ny fisalasan'ireo tanora hampiasa fanabeazana aizana noho ireo sakana maro (tafiditra amin'izany ny tsy fahampian'ny fahalalana sy ny fahafahana misitraka feno ireo tolotra).
- 19%-n'ireo tovovavy no nangataka salaka tamin'ireo mpiasan'ny fahasalamana ary nahazo izany ny roa am-pahatelon'izy ireo (67%): mila ezaka bebe kokoa ny lafiny famatsiana salaka maimaim-poana eny anivon'ireo tobim-pahasalamana satria izany no isany lalana iray hiantohana ny fahadiovana sy fahasalamana mandritra ny fadimbolana.
- Amin'ireo tovolahy 16% (tena ambony), nangataka ho atao famorana (angona rehetra), izay voaporofa fa mampihena be ny fifindran'ny VIH SIDA, dia nahazo fotoana hanatanterahana izany izy rehetra: tondro mahavelom-bolo.
- Mihoatra ny ampahaefany amin'ireo tanora nohadihadiana (27%) no nangataka hanao fitiliana VIH. Mihoatra ny roa ampahatelo (71%) -n'ny nangataka izany dia nahazo avokoa.
- 12% tamin'ireo nohadihadiana no mba nangataka hanao ny fitiliana ireo aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo ary nahazo izany izy rehetra.
- Enina isan-jaton'ireo mpamaly no nangataka ireo fanafody handefahana ny fivoaran'ny tsimok'aretina VIH ary tsy nisy nahazo izany izy ireo. Izany dia mety noho ny antony mazava fa eny amin'ireo hopitaly eny anivon'ny distrika amin'ny ankapobeany no ahitana ireo fanafody hahafahan'ny olona miaina miaraka amin'ny VIH SIDA eto Madagasikara.
- Latsaky ny atsasamanila (49%) no nanamafy fa manontany mikasika ny fahasalamana ara-tsaina ireo mpiasan'ny fahasalamana. Tondro izay tena mila ezaka satria mifaningotra tanteraka ny fahasalamana sy zo ara-pananahan'ny zatovo sy ny fahasalamana ara-tsaina.

¹ Botswana, Eswatini, Lesotho, Madagascar, Maorisy, Afrika Atsimo, Zambia ary Zimbabwe.
² Andoharanomaitso, Anjozorobe, Antanamaritana, Bongatsara, Fort-Dauphin, Foulpointe, Mahajanga, Manjakandriana, Moramanga ary Toamasina.

RAHA MILA FANAZAVANA FANAMPINY Tsidiho ny:

<https://genderlinks.org.za/what-we-do/governance/local-action-for-voice-and-choice/>

Tsipirian'ny fifandraisana: Gender Links Madagasikara

Adiresy: Immeuble le Premium, ex village des jeux Ankorondrano, Antananarivo

Tel: +261328732519



TAREHIMARIKA FOTOTRA AZO TAMIN'NY FANOMBANANA HAINGANA NY FAHASALAMANA SY ZO ARA-PANANAHAN'NY ZATOVO TANY ANJOZOROBE MADAGASIKARA

Tondro	Anjozorobe	CSB II Anjozorobe
Totaly	219	219
%Vehivavy	53%	53%
%Lehilahy	47%	47%
Mahakasika ny tobim-pahasalamana		
Anatin'ny 10km miala ny tranonao ve ny tobim-pahasalamana? %	77%	77%
Misokatra ve ny tobim-pahasalamana aorian'ny ora firavan'ny mpianatra? %	41%	41%
Misokatra ve ny tobim-pahasalamana mandritry ny faran'ny herinandro? %	46%	46%
Ahazoana aina tsara ve ny toerana fiandrasana sy fizahana marary ao amin'ilay tobim-pahasalamana? %	85%	85%
Andoavana sarany ve ny tolotra misy ao amin'ny tobim-pahasalamana? %	29%	29%
Sandany amin'ny ankapobeanany (Dolara)	\$1	\$1
Kalitaon'ny fikarakarana		
Ahitana mpanolon-tsaina olon-tsahala ve (nanampy)? %	85%	85%
Tanora voahaja nandritry ny fizahana %	98%	98%
Tanora tsy niaraka tamin'ny Ray aman-dReniny %	81%	81%
Tanora nilaza ny fanajana ny lafiny manokana %	76%	76%
Tanora nanamafy ny fiantohana ny fanajana ny tsiambaratelo %	91%	91%
Ampy tsara ny fotoana natokan'ny mpiasan'ny fahasalamana ho an'ny tanora %	85%	85%
Fahazoan'ny tanora fampahalalana mifanaraka amin'ny filany %	84%	84%
Tolotra momba ny fahasalamana ara-pananahana (%)		
Fahasalaman'ny Reny		
%Tanora nangataka ny hanao fanabeazana aizana	17%	17%
%Ireo tanora nitaky ka nahazo ireo tolotra amina fanabeazana aizana	90%	90%
%Tovovavy nangataka ny hanao ny fitiliana fitondrana vohoka	15%	15%
%Tovovavy nangataka ny hanao ny fitiliana fitondrana vohoka ka afaka nanao izany	73%	73%
%Tovovavy bevohoka	4%	4%
Fahasalamana mandritra ny fadimbolana		
%Tovovavy nangataka irony salaka fanao amin'ny fotoanan'ny fadimbolana	19%	19%
%Ireo nangataka salaka ka nahazo	67%	67%
VIH SIDA sy ireo aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo		
%Tovolahy nangataka ny ho atao didim-poitra	16%	16%
%Tovolahy nangataka ka nahazo fotoana hanaovana didim-poitra	100%	100%
%Ireo nangataka fitiliana ny otrik'aretina VIH	27%	27%
%Ireo nangataka fitiliana ny otrik'aretina VIH ka nahazo	71%	71%
%Ireo nangataka hanao fitiliana ireo areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana ara-nofo	12%	12%
%Ireo nangataka hanao fitiliana ireo areti-mifindra azo avy amin'ny firaisana ka nahazo	100%	100%
%Nangataka ireo fanafody hanalefahana ny fivoaran'ny tsimok'aretina VIH (ho an'ireo efa tratra)	6%	6%
%Nangataka ireo fanafody hanalefahana ny fivoaran'ny tsimok'aretina VIH ka nahazo izany	0%	0%
%-n'ireo nilaza fa manontany momba ny fahasalamana ara-tsaina ireo mpiasan'ny fahasalamana	49%	49%